TFNAC: Task Force Nationale de l'Agriculture de Conservation

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture



**VOLY RAKOTRA**

**Faritra Afovoany Atsinanan'i Madagasikara**

# Fifandimbiasana vary sy vesce an-tanimbary saro-drano sy baiboho ambany toerana



Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny GSDM, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny BVLac (CIRAD, BRL, SDMad, AVSF), ny FOFIFA, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerena manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fanjariantsakafo sy ny miralenta.
Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra Afovoany Atsinanana eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo tamin'ny faritra manodidina an'i Ambatondrazaka.


**Zava-misy amin'ny ankapobeny**

- Mizaka ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro.
- Mihasimba hatrany ny tontolo iainana.
- Mihamarefo ny mpamboly madinika eo amin'ny lafiny tsy fanjariantsakafo.















**Tanjon'ny toro-lalana ara-teknika :**

- Hampihenana ny faharefona amin'ny fihatraikan'ny fiovan'ny toetrandro
- Entina hanatsarana ny voka-bary isan-taona
- Hampihenana ny asa amin'ny fambolem-bary sy ny saram-pamokarana
- Hanajariana sy hanatsarana ny tany azo volena vary
- Hanatsarana ny fahampiana ara-tsakafo (fampitomboana ny voka-bary)

**Tsy mifanaraka intsony amin'ireo zava-misy ireo ny fomba fambolena mahazatra amin'izao fotoana izao. Hita ohatra izany amin'ny fambolem-bary.**



Miasa tany, tsy manao fifandimbiasam-boly, tsy ampy ny zezika, miandry orana vao afaka manetsa.

=> mora maina ny tany, mirongatra ny ahi-dratsy, mihena ny vokatra azo, tara ny fambolena.

**Vahaolana :** mandrokatra ny tany, manatsara ny tsiron'ny tany, mifehy ny ahidratsy, mamboly aloha
--> **Voly rakotra avy amin'ny fifandimbiasana VARY SY VESCE**



# Voly avotra vesce

**Tanjona :** Mamokatra rakotra matevina mandritra ny maintany

## Ny atao

### Fotoam-pambolena

**Amin'ny tanimbary saro-drano** : volena 15 mars - 15 may, tsara kokoa raha alohan'ny fijinjana (rehefa ambetiny ny vary)

**Amin'ny baiboho,** misy fomba roa :

1- volena 15 mars - 15 may, alohan'ny fijinjana (rehefa ambetiny ny vary)

2- volena farafahatarany 31 may, aorinan'ny finjinjana vary

### Fatra isaky ny 10 ara (iray makazato )

Fafy katrana : 0,8 - 1 kg

Latsa-boa : 0,4 - 0,6 kg, masomboly 2 - 3 isan-davaka, mielanelana 40 sm isaky ny soritra vary

## Fetra sy fitandremana


- Sarotra ny mamboly vesce anaty tany mainty (organika) na tany be fasika na tany ditra (be tanimanga)
- Tsy mahatanty rano miandrona ny vesce rehefa maniry. Ilaina ny manao jekin-drano (tatatra) raha misy rano miandrona
- Ampidirana rano ny tanimbary raha maina loatra
- Volena farafatarany 31 martsa ny vesce ary arahana tsara ny fikojakojana (famafazana fanafody) raha tiana ny ahazo masomboly
- Atao latsa-boa ny fambolena vesce amin'ny baiboho
- Tsara kokoa ny mampiasa zezi-pahitra na komposta raha manana fahafahana

### Diary

| martsa | aprily | may | jona | jolay | aogositra | septambra | oktobra | novambra |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|



Mamboly vesce



Mitsiry ny vesce



Mitohy mitsiry ny vesce, ary mandrakotra ny tanimboly

## Fifehezana ny vesce sy fanomanana ny tany ho an'ny voly vary

Vonoina 2 na 3 herinandro alohan'ny fotoana hambolena vary ny vesce. Misy fomba roa azo ampiharina :

1. Lamahana ny vesce avy eo fafazana fanafody famonoana ahitra
2. Hampidirana rano, avy eo lamahana hifitsaka

**Fitaovana fampiasa** :
rouleau na barika tarihin'omby na kubota



# Voly vary anaty rakotra vesce

**Tanjona :** **Mamboly vary ara-potoana**

## Ny atao

Volena mialoha araka izay azo atao ny vary, farafahatarany 15 desambra


### Karazana masomboly

Masomboly nohatsaraina, toy ny Primavera, Nerica, Sebota (403, 406), sns

### Fatra isaky ny 10 ara (iray makazato)

Vary 5 – 7 kg : iray tsongo, masomboly 5 – 7 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

### Elanelan'ny voly




### Fandonahana isaky ny 10 ara

Fitondrana zezika isan-davaky ny vary :
- eo ampambolena : zezi-pahitra na komposta 500 kg, sy NPK (11.22.16) 15 kg
- 25 andro ao aorinan'ny fambolena : urée 5 kg

### Fiotazana

Jinjaina, tsara kokoa raha averina eo an-tanimbary ny mololo

## Fetra sy fitandremana

- Karazam-bary fohy fiainana no ampiasaina, tsy ahatara ny fambolena ny voly avotra
- Ilaina ny fiarovana ny masomboly vary amin'ny bibikely sy aretina (ohatra insector 4 g na gaucho 2,5 g, isaky ny vary 1 kg)
- Tsara ny mampiasa zezi-pahitra na komposta, ampiana zezika simika miankina amin'ny fahafahana
- Tsy tokony ho dorana ny mololo








### Diary


| oktobra | novambra | desambra | janoary | febroary | martsa | aprily |
|---|---|---|---|---|---|---|



Vonoina ny vesce



Volena ny vary



Mitsiry anaty rakotra vesce ny vary



Mamokatra ny vary

# Ny tombontsoa mety ho azo amin'ny fifandimbiasana vary sy vesy

- Mitondra azota manodidina ny 100 -150 kg/ha ny vesce ary manatsara ny firafitry ny nofontany.
- Mampitombo ny voka-bary (2,5T/ha farafahakeliny)

- Manatsara ny fitehirizan'ny tany ny rano (ahafahana mamafy vary mialoha).

- Mamokatra rakotra vesce amin'ny maintany azo omena ny omby.







- Mampitombo maharitra ny famokaram-bary eto anivon'ny firenena ary mety hanatsara ny fahampiana ara-tsakafo
- 70.000Ha eo ho eo ny tanim-bary saro-drano (70% ny velaran'ny tanimbary) ao ami'io sompitry Madagasikara io

- Mampihena ny fampiasana akora enti-mamokatra (zezika, fanafody, fitaovam-pamokarana…), mampihena ny saram-pamokarana vary.



- Manamaivana ny asa fikarakarana an-tsaha ho an'ny lehilahy (tsy miasa tany, ary tsy manahirana ny mamono ny vesce) sy ho an'ny vehivavy tantsaha (mihena ny asa fiavàna...) ka ahafahan'izy ireo misahana asa famokarana hafa sy mikarakara tokantrano.









**Ho fanatsarana ny sakafon'ny fianakaviana :**
**Tsara raha ampiarahana amin'ny karazan-tsafako hafa toy ny legioma ny vary**
(azo atao ny mahandro mitokana na manafangaro ny legioma amin'ny vary).





Mpiara-miombona antoka :
BVLac

Mpamatsy Vola :